Ady amin'ny doro tanety sy doro ala 2

**Vonjy tavanandro ny vahaolan'ny fitondrana**

Vehivavy TIM faritra Sava 2

**Ramatoa Maryse Betsara no voafidy ho filoha**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Talata 18 oktobra 2022 Laharana 1358 Vidiny : 600 Ar


**Mpitondra eto** 3

Izao hono vao hamaritra ny fomba hampandrosoana ny firenena

Fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana 2

## Tsy hiray petsapetsa ny TIM maro ireo tsy fahatomombanana



Analamalotra Toamasina II 3

## Miantso ny katolika hamerina ny tany amin'ny tompony, Me Eric



Fiovaovan-kevitra lava 3

## Mpitondra tsy matotra mbola mifanahin-jaza...



Fifandraisana iraisam-pirenena 7

## Tsy voafehin'ny fitondrana Rajoelina ny diplaomasia Malagasy




**Tranga** 6

Tovolahy adala matanjaka mida-roka olona sy mandorondoro

**Tokony hitovy zo ho lany ny kandidà** 2

Mila ferana ny vola hampiasaina amin'ny fampielezan-kevitra

**Daka kely**



Inona ihany no mba voafehinareo, tena tsy misy ry Boaikely a !

FANAVAOZANA TANTERAKA NY LISI-PIFIDIANANA

# Maro ireo lesoka sy tsy fahatomombanana, tsy hiray petsapetsa ny TIM

Nanao fanambarana mahakasika ny raharaham-pirenena ny birao politikan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), tamin'ny alalan'ny sekretera jeneraly nasiônaliny, Rina Randriamasinoro.
"Tapa-bolana katroka izao no nanombohan'ny fanavaozana manontolo ny lisitry ny mpifidy. Tsapa fa tsy manaraka ny fenitra araka ny tokony ho izy, satria maro loatra ireo lesoka sy tsy fahatomombanana hita ka santionany amin'izany ireto:



*Ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM, Riana Randriamasinoro.*

**Opération jugements supplétif**

Mikasika ny Opération jugements supplétif sy ny karapanondrom-pirenena : betsaka ireo kaominina no mbola tsy nanomboka ; tsy ampy ny fanentenana ny vahoaka ; tsy ampy ny fanaraha-maso sy ny fanadihadiana ary ny fanamarinana atao amin'ny olona mandritra ny fotoam-pitsaràna, ka toa zary manome lalana ny olona sasany hanana CIN maromaro. Izany dia mety hitarika ny fisian'ny doublons indray.
Mikasika ny fanisàna ny mpifidy
Betsaka ny fokontany, no mbola tsy manomboka akory hatramin'izao. Maro ireo olona no tsy mandray ireo mpanisa ny mpifidy tonga any antokan-tranony. Tsy mitovy sy tsy ampy ny fitaovana ampiasan'ny mpanisa mpifidy manerana ny Nosy. Misy fanisàna mpifidy ataon'ny filoham-pokontany sy ny ekipany ankoatry ny ataon'ny mpanisa mipifidy avy amin'ny CENI, izany hoe misy recensements parallèles. Mbola misy ireo mampiasa ny lisitry ny mpifidy teo aloha. Maro ny CLRE, no tsy mamela ny solontenan'ny antoko politika hanara-maso ny asa fanavaozana ny lisitry ny mpifidy. Ireo tsy fahatomombanana ireo dia midika fa tsy ho tanteraka ny fanaovana ny lisitry ny mpifidy ; ho feno, sy madio, ary marina, izay fototra ahafahana manatanteraka fifidianana marina, mangarahara, ary eken'ny rehetra.

**Sarintsarina fanavaozana**

Noho ireo antony voalaza ireo ary, rehefa nivory ny biraon'ny antoko Tiako i Madagasikara dia manao izao fanambaràna izao: lavinay izao fomba fiasa sarintsarina fanavaozana ny lisitry ny mpifidy izao satria ho lisitra tsy azo antoka no hivoaka eo. Manome toromarika ny mpikambana rehetra ato anatin'ny Antoko araka izany tsy hiditra ary tsy hiray petsapetsa amin'io fandrafetana lisi-pifidianana io. Ambaranay fa tsy afaka hanomana fifidianana marina sy tsy mitanila ny CENI amin'izao hendriny izao. Takianay hatrany fa ny fanaovana ny fikaonandoham-pirenena, na ny Concertation Nationale ihany, no làlana hahafahana mitondra vahaolana amin'ireo fifidianana ho avy rehetra.

***Nangonin'Isambilo***

Vehivavy TIM faritra Sava

# Ramatoa Maryse Betsara no voafidy ho filoha

Tontosa ny herinandro lasa teo ny fifidianana izay ho filoha mpitarika ny Vehivavy TIM any amin'ny faritra Sava, izay ivondronan'ny distrika miisa 4 dia Sambava, Antalaha, Vohemara ary Andapa. Ramatoa Maryse Betsara, no voafidin'ireo Andriambavilanitra avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara amin'iny faritra iny, ho mpitarika ny Vehivavy Tiako i Madagasikara ao anatin'ny Faritra Sava. Nanambara ny tenany nandritra izany, fa vonona ny hampandroso sy hampiroborobo ny antoko ary hamerina indray ny Filoha Marc Ravalomanana eo amin'ny fitondrana, amin'ny fifidianana filohampirenena manaraka eto amintsika. Ny vehivavy no maro an'isa ao amin'ny faritra Sava, hiezaka izy handresy lahatra azy ireo hanatevin-daharana ity antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana ity.



***LW***

Tokony hitovy zo ho lany ny kandidà

# Mila ferana ny vola hampiasaina amin'ny fampielezan-kevitra

Nikarakara ady hevitra momba ny raharaham-pirenena, indrindra ny mahakasika ny fifidianana ho avy ny Transparency International Initiative Madagasikara, sy ny televiziôna tsy miankina iray ny faran'ny herinandro teo. Nandray anjara tamin'izany ady hevitra izany ny avy amin'ny antoko TIM Julien Andriamorasata, ny avy amin'ny HVM Rasambany Alain Desiré, ny avy amin'ny IRD ny depiote Idealson, ary ny avy amin'ny fiarahamonim-pirenena mpanara-maso ny fiainampirenena sy ny fifidianana : Safidy. Nivoitra tamin'izany, fa mila ferana ny vola hampiasaina amin'ny fampielezan-kevitra, mba hampitoviana ny zon'ny kandida tsirairay ho lany (Égalité de Chance). Izany ihany koa dia fitaizana ny olompirenena hifidy programan'asan'ny antoko maha resilahatra azy, fa tsy tsanganolona



*Ireo nandray anjara tamin'ny ady hevitra politika, nokarakarain'ny Transparency International Initiative Madagasikara.*

na seho ety ivelany no ho fidiana. Tokony hapetraka koa ny tamberin'andraikitra eo amin'ny olomboafidy sy ny vahoaka entina. Tsy tokony hisy intsony ny kandida hirotsaka amin'ny anaran'ny tenany ( Candidat Indépendant), fa tokony ho amin'ny anaran' ny antoko politika no manolotra kandidà. Ilaina ny mangarahara amin'ny fitantanana ny volan'ny antoko, sy ireo loharanom-bola azony araky ny lalàna.

**Lisitra**

Betsaka ny lesoka hita amin'ny fandrafetan'ny CENI : Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana, ny lisitry ny mpifidy, ka tsy hanana lisitra azo antoka isika amin'ny taona 2023. Noho izany, araka ny navoitran'ireo mpiady hevitra tamin'izao fandaharana tamin'ny fahitalavitra izao: mila hatsaraina na ovaina ireo lalàna mifehy ny fifidianana. Tokony homena fahefana hanasazy ilay CCFVP, na Commission de Contrôle du Financement de la Vie Publique. Tokony hirosoana ny fikaonandoha politika, sehatra hifampiresahana handinihana ny pitsompitsony, mba hisorohana amin'ny mety ho fisian'ny krizy mialoha, na aorian' ny fifidianana , noho ny fikarakarana fifidianana amin'izao tsy madio, sy tsy azo itokiana.
Tokony hosokafana amin'ny ady hevitra toy ny nisy izao, ny haino amanjerim-panjakana : ny RNM sy ny TVM, tsy tokony ho ny mpitondra sy ny mpiara-dia aminy ihany, no hivalampatra ao amin' izany haino vaky jerimpanjakana izany, zon'ny rehetra ny miteny ao.

***Nangonin'i Stefa***

## Ny Valosoa sy fakafaka

### Ady amin'ny doro tanety sy doro ala

### Vonjy tavanandro ny vahaolan'ny fitondrana

Mirehitra i Madagasikara amin'izao fotoana, ny ministera tompon'andraikitra no efa manome ny tarehimarika mahakasika an'izany, fa mahatratra hatramin'ny 1000 na mahery aza, ny toerana misy afo mirehitra eto amintsika tato ho ato. Manoloana izany, vahaolana vonjy tavanandro ihany no hitan'ny fitondrana, izay tarihan'ny ministera tompon'andraikitra dia ny ao amin'ny ministeran'ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovainjafy. Nisy ny tagnamaron'ny tontolo iainana natomboka ny zoma teo, ireo mpiasam-panjakana amin'ny ministera, ny mpitandro filaminana no noterena nanao izany asa famonoana afo vokatry ny doro tanety sy ny doro ala izany. Mitaraina ireo mpiasan'ny ministera amin'izao fotoana noho ny fanerena amin'izany famonoana môtro izany, satria tsy asan'izy ireo izany, fiarahamiasa matotra amin'ny olona eny ifotony no anisan'ny vahaolana amin'izany hoy izy ireo, satria izy ireo no mahalala, iza no mety tia milalao afo any anivon'ny fiarahamoniny any, ka ny fampandraisana anjara mivantana azy ireo amin'izany famonoana afo izany no tena anisan'ny vahaolana voalohany. Vonjy tavanandro ihany ny fitondrana mpiasa hanao izany asa izany, fisehosehoana fotsiny, na ny fitaovana iadiana amin'izany môtro izany aza dia voalaza fa tsy ampy akory, tsy hain'ireo tonga tany an-toerana akory ny fampiasana azy. Ankoatra izany, ny minitra dia ministra tanora, zandriny indrindra ao amin'ny fitondrana, ka tsy ampy traikefa amin'ny ady goavana toy ny ady amin'ny doro tanety sy ny doro ala toy izao, efa fantatra fa mety hisy foana isaky ny fotoanan'ny lohataona toy izao ny firehetan'ny ala sy ny tanety, tokony hisy ny paikady matotra mialoha, iarahan'ny ministera sy ny mponina eny ifotony ho fiatrehana izany. Ny irariana dia mba ho resy haingana ny afo mandoro ny firenena izao!

***Stefa***

## TONONKALO

### Madagasikara : firenena malaza !

Laza ratsy no hahafantarana an`i Madagasikara,
Fa tsy tanjon`ny mpitondra ny hanome modely tsara.
Anaran`izy ireo hatrany no voateniteny lava,
Raha vao misy raharaha na koa afera tsy mazava.

Fanondranam-bolamena na koa hazo sarobidy:
Ny heno ho voasaringotra ao dia tena olom-be voafidy.
Tsisy henatra na tahotra fa manao izay tiany hatao.
Taratry ny fitondrana efa tsisy kalitao !

Dia sasa-miandry ny rehetra , ho maty momoka ny afera
Sa hiresaka an`izay ny fivorian`ny antenimiera ?
Raha ny hita aloha hatreto , mety izay koa ny ho avy,
Mifanohana amin`ny ratsy ny laoranjy mianakavy !

...Ka raha mbola ireo no ho eo dia aza misy manantena,
Fa vao mainka koa hitohy ny fahantran`ny firenena.
Kolikoly , risoriso no mibahana eto an-dasy.
Ireo no maribonimahitrao mpitondra malagasy !

***DADAN`i ZINA (15-10-22)***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fiovaovan-kevitra lava

# Mpitondra tsy matotra mbola mifanahin-jaza no misy eto amintsika

Miha-teren'ny olana maro samihafa ny firenena ankehitriny. Fahaterena izay zary manaraka ny fiainan'ny sarambabem-bahoaka andavanandro, ary zotra tokana tsy misy lalan-kivoahana. Sarotra araka izany ny hoavin'ilay vahoaka malagasy, vao mainka ihany koa miha-mafy izany ka zary manahirana ny vahoaka ny fiovaovam-pitenenana ataon'ny fitondrana. Anisan'izany ny voaresaka afak'omaly, momba ny kianjan'ny demôkrasia eo Ambohijatovo. Tsy nisy izay tsy nahatsiaro, fa nanaovana fankalazana be io toerana io tamin'ny fotoan'andro, niketrehana ny fanonganam-panjakana. Nony efa azo izay nokendrena dia nofoanana ny maha kianjan'ny demôkrasia azy ary ary avy eo tsy nisy niahotra ny mpitondra namadika azy ho valan-javaboahary io. Niaraha-nahita taorian'izany fa nihafihafy kely ilay toerana nananganana ny tsangambato fahatsiarovana ny Profesora Zafy Albert Rain'ny demôkrasia. Mifanalavitra tanteraka amin'ny an-dry Hô Chi Minh eny Ampefiloha, ohatra.
Vao tsy ela ihany koa, niarahan'ny maro nandre tsara ny nambaran'i Andry Rajoelina momba ny hevitry ny Miami nokasaina haorina any Toamasina. Aiza koa no hisy Miami malagasy izany? Misy malaza koa ny tanàna any amin'ny firenen-kafa, fa tsy misy firenena manao izany, ka atao mifandraika ny misy any aminy. Mamono ny hasina sy tsy maneho ny maha izy azy ilay ao amin'ny firenena izany. Midika ho zavatra hafa ihany koa anefa izany ho an'ny mpandinika ny raharaham-pirenena, ka ilazany fa tsy fahavitana ny nambara no anton'izany fanamboaramboaran-kevitra izany. Mitovitovy amin'ilay fakana tahaka be fahatany tamin'ilay nambarany hoe "plan Marshall" izany. Toejavatra tsy mifandray mihitsy sy sasanangy roa samihafa anefa izany hoan'ny mpahay tantara.
Ny fiovan-kevitra tamin'ny nambara nandritry ny fampielezan-kevitra tsy adino. Nambara fa hofoanana ny Antenimierandoholona rehefa tonga eo amin'ny fitondrana izy. Iaraha-mahita tsara anefa ny zava-misy amin'izao fotoana izao.
Inona indray koa no hovaina manaraka? Ireny filazana miovaova ireny dia hisy akony eo amin'ny toetsain'ny vahoaka malagasy ary ho lasa lasin-tsaina eo aminy mahakasika ny mpitondra azy. Ilay fandaingana sy fiovaovan-kevitra lavitra dia midika, fa mpitondra tsy matotra mbola mifanahin-jaza no misy eto amintsika.

***Sôh'son***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Mpitondra eto
### Izao hono vao hamaritra ny fomba hampandrosoana ny firenena

**Arphine Rahelisoa Helisoa :** aaaaa kosa e! Fa nanao inona hatramin' izay? Izao hono ny Praiministra Ntsay Christian sy ny fitondrana vao hamaritra ny fomba hampandrosoana ny firenena.

**Randriamamizafy Ignace :** izao ve vao hamaritra izany ? Izany hoe hanao NEW IEM indray hamitahambahoaka amin'ny election 2023.
Miala nareo fa potika ny firenena.

**Mbola Rasamimanantsoa :** izao ve vao taitra, sa mody mianakendry satria akaiky ny fifidianana dia te hampanantena poakaty indray?

**Bjango Tir le Premier :** efa tara e !

**Elly Sou :** aleo oà hihomehezana fotsiny sisa…

**Magali Rasanj :** Madamoaka.

**Fenytriniaina Radopatrick Stephano :** resabolamena izao no malaza. Izay tsy mivadika korotambihy dia any ivelany no tratra. Pasoara be ilay sisintany ry ingahy PM a!

**Peta Izan Chan :** mitenitenY fahantany , faran'ny mandat zao , taiza nareo 4 ans passé zay ?

**Alfred Andrianantoanina :** tsy efa tara loatra ve zany ry ngahy PM a?

**ArtRakotodplg Rakotodplg :** Taitra irery izany ity rangaha ity dia hamaky takotra a!

**Vola Rajaobelina :** marche arrière izany teo, hihihiiiii !

**Malala Rkt :** ambadik'i Sahondra ny fitiavanao ny vahoaka madinika maro an'isa e !
kere manerana an'i Madagasikara, miaraka @ tsy fandriampahalemana mihosin-drà ! Tsy misy fandrosoana, fa mitarika ny rambon'ny fahantràna maneran- tany i Madagasikara!

**Ryand Ovin :** fa tsy nisy fotoana mihintsy zany hatramin'izay fa nanao inona fotsiny ianareo?

**Andrian'Riants Zazanjary :** efa ho tapitra ve ny mandat izay vao ho faritana ny fomba hoenti-mampandroso, efa tara loatra e , sady toa tsy nandrenesam-peo mihitsy tamin'ireo savorovoro farany ireny, mampalahelo ny manjo ny gasy.

**Rufin Rakotomaharo :** mbola manantena ny ho eo ihany angaha i Ntsay? Diso paik'andro ianao zandrilahy a!

**Martial Tovonirina :** izay vao hita hihihihihihihihi !
Mbola sahirana manondrana fotsiny ve ry PM o?

**Vololona Elisa :** hihihiiiiiii, mbola stage aloha zany lay taona maro2 efa lasa. Zao vao tena hiasa ve? Loooooza, Potika lay Firenena !




## Analamalotra Toamasina II

# Miantso ny katolika hamerina ny tany amin'ny tompony, Me Eric

Nitafa tamin'ny mpanao gazety teny amin'ny birao fiasany, teny Ambonisoa Itaosy omaly, ny mpisolovava ny tompon'ny tany, amin'ny raharaha tany any Analamalotra Toamasina II faritra Atsinanana. Tamin'izany no niantsoan'ity mpisolovava ity ny katolika hamerina ny tany amin'ny tompony. Manana tany betsaka ny fiangonana katolika hoy izy, koa maninona no tanin'olona no hanorenana? Nanao valandresaka ho an'ny mpanao gazety tokoa ny mpisolovava ny tompon'ny tany ao Analamalotra Toamasina II, Me Eric Rafidison, manoloana ny fangalàn'ny fiangonana Katolika ny tanin'i Be Francois, izay nanangana fotodrafitr'asa nametrahan'ny filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina vato fototra, niaraka tamin'ny mpitarika ny Eglizy katolika vao tsy ela akory izay . Nanambara ny mpisolovava Me Eric Rafidison, fa tanin'olona titré borné, no nametrahana vato fototra tany Analamalotra Toamasina II. Ny zava-misy, ny ONG Saint Gabriel miaraka amin'ny Frera Karana dia efa resy teny amin'ny Fitsarana, fa nampiasa ny fahefana Mpanatanteraka tao anatin'izao fitondrana izao haka ny tanin'olona. Ny Minisitra rehetra nifandimby teo aloha dia samy efa nitsipaka ny fangatahan'io ONG Saint Gabriel io, satria raharaha efa namoahan'ny Cour de Cassation didim-pitsarana io



*Me Eric Rafidison, nitafa tamin'ny mpanao gazety teny Ambonisoa Itaosy.*

raharaha io.
Toy izao ilay didim-pitsarana :
"cour de cassation «Chambre Civile, Commerciale et Sociale» a rendu la décision suivante (Pièce n°4)
- CASSE ET ANNULE SANS RENVOI l'arrêt civil n°CATO-331/CIV/11 du 02 Août 2011
rendu par la Chambre civile de la Cour d'appel de Toamasina;
- Ordonne la restitution de l'amende de cassation;
- Condamne la défenderesse aux dépens ".
Efa in-4 nanao fangatahaa interpretation ilay didim-pitsarana navoakan'ny Cour de cassation teny amin'ny Minisitera ny ONG Saint Gabriel, saingy nolavin'ireo Minisitra foana ny fangatahany, satria raharaha efa namoahan'ny Fitsarana antampony didy Ilay fangatahana interprétation nataony farany no natao antsokosoko ny desambra 2021. Ny nahavarina tamin'izany dia lasa nivadika chambre pénal no mandinika ilay didim-pitsarana kanefa dia didim-pitsarana civile hatrany amboalohany ilay izy .
Ny arrêt dia civile kanefa lasa ny cour de cassation pénale ary chambre de cassation pénale no mijery azy. Efa nisy didimpitsarana teo alohan'io, izay nilaza fa tsy mahefa ny cour de cassation, satria raharaha efa voatsara ilay izy .
Efa imbetsaka notsaraina teo anivon'ny cours de cassation io ady tany io kanefa dia nofohazina tampoka teo . Lasa nivadika diha raharaha ady heloka ilay raharaha ady madio, izany hoe lasa mampigadra. Tao anatin 'izany no nilazana indray, fa misy " olana ara materialy hono. Dia satria rehefa misy olana ara materialy, amin'ilay raharaha ady madio navadika ho raharaha ady heloka dia naverina teo anatrehan'ny cour de cassation indray, io raharaha io . Naverina notsaraina tampotampoka indray, satria nisy baiko nilatsaka avy any amin'ny Faratampony nitenenana ny Ministeran'ny Fitsarana sy nitenenana ny Premier Président an'ny cour de cassation (PPCS), nanome baiko azy fa hoe lasa omena ny Katolika indray ny tany . Noho izany, voatery notsaraina faran'izay haingana ilay raharaha, ka navadika nefa raharaha efa vita tsara teo aloha . Efa nanapaka ny Fitsarana tamin'io andro io, fa ahemotra amin'ny 04 Octobre 2022 ny raharaha, fa tsy ho tsaraina ny andron'io . Efa nosoratana tao anatin'ilay boky mirakitra ny raharaha na ny Plumitif mihintsy aza io fapahankevitra fanemorana io . Efa lasa nandeha nivoaka daholo ny olona no nantsoina niverina indray, ka nolazaina fa hoe misy baiko milatsaka, fa tsy maintsy tsaraina androany dia androany ihany ity raharaha ity " .
Iaraha-nahita ny zavanisy taorian'izay, satria dia tonga tany Analamalotra Toamasina ny filoham-pirenena, ka teo amin'ny tanin'olona Titré Borné, no nametrahany vato fototra niaraka tamin'ireo mpitarika ny Fiangonana katolika .
Rehefa mijery ny certificat de situation juridique anefa dia tsy misoratra amin'ny anaran'ny katolika velively ilay tany, fa ny tompony ao dia olona hafa . Fa maninona ary zo avy aiza no ahafahany manao fanorenana nefa tsy hananany zo na dia kely aza . Raha fananana tany dia tsy misy manana tany betsaka mihoatra ny Eglizy katolika , koa maninona no tsy any no atao ny fanorenana, fa tsy any amin'ny tanin' olona izay efa nipetrahany nanomboka tamin'ny taona 80 sy tany izay efa nomena azy tamin'ny alalan'ny Didimpitsaràna? Misintona ny sain'ny mpitondra ny fiangoanana katolika, sy ny mahay lalàna ny mpisolovava an'i Be Francois, Me Eric Rafidison, tompon'ny tany ao Analamalotra Toamasina II, satria manaratsy endrika ny fiangonana sy ny fitsaràna raha minia manatanteraka ny fanorenana fotodrafitr'asa eo ambonin'ny tany manan-tompo.

***Helisoa***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Navalona

Ny fivoriamben'ny mpiraki-draharahan'ny fitsarana omaly tetsy Anosy.




Me Eric Rafidison, mpisolovava ny olona tompon'ny tany any Analamalotra Toamasina II, nitafa tamin'ny mpanao gazety teny Ambonisoa Itaosy omaly.




Tafakatra teto an-drenivohitra ny omby miisa 4 avy any Ankadindratombo, nampisavoritaka ny olona.




May ny ala, 4 km tsy hidirana ny tanànan'i Mahanoro any amin'ny faritra Atsinanana omaly.




## NY TENY FIAINANA

*Ka dia ho hitanareo indray ny tsy fitovian'ny marina sy ny meloka, dia ny manompo an'Andriamanitra sy ny tsy manompo Azy.*
***Malakia 3:18***

### Barea Beach Soccer 2022

# Nanainga tamin'ny alahady teo ho any Mozambika

Nanainga tamin'ny alahady 16 ôktôbra 2022 teo teny Ivato ka nihazo an'i Mozambique hanatanterahana ny fifaninanana CAN Beach Soccer 2022 hanomboka amin'ny 21 ka hifarana amin'ny 30 ôktôbra 2022 ho avy izao, ny delegasôna Malagasy misy an'ireo mpilalao Barea Beach Soccer hiatrika ny fifaninanana. Somary niantsona kely tany Addis-Abeba sy Johannesbourg ry zareo vao nigadona tao Vilankulos - Mozambique omaly alatsinainy 17 ôktôbra 2022. Ireo mpilalao Barea Beach Soccer 2022 miisa 12 mirahalahy : Jacques (GK), Rolland Honoré (GK) Mamy Fabrice Eric (DEF), José Orlando (DEF), Marcel (DEF), Ymelda (MIL/DEF), Alexandre (MIL), Tokindrainy Francegal (MIL), Aimé (MIL), Régis (ATT), Flavien (ATT), Joel Justin (ATT). Marihana fa firenena miisa 8 no hifaninana handimby an'i Sénégal tompondaka farany amin'ity fifaninanana ity dia i Egypte, Madagascar, Malawi, Maroc, Mozambique, Nigeria, Ouganda ary i Sénégal.



*Delegasiôn Barea Beach Soocer nandalo tao Johannesburg.*

**Rainilita**

### Kick Boxing tompondakan'i Madagasikara

# Roa andro tetsy amin'ny Palais des sports Mahamasina

"Roa andro nisesy (sabotsy 15 sy alahady 16 oktobra 2022)no nanatanterahana ny fiadiana ny ho Tompondakan'i Madagasikara 2022 amin'ny taranja Kick Boxing, tetsy amin'ny "Palais des sports Mahamasina" Mpikatroka nahatratra 135 isa avy amin'ny ligim-paritra 13 (Analamanga mpampiantrano, Boeny, Atsinanana, Alaotra Mangoro, Betsiboka, Matsiatra Ambony, Fitovinany, Vatovavy, Androy, Anosy, Atsimo Andrefana, Atsimo Atsinanana ary Menabe) no nandray anjara tamin'ny fifaninanana ka ny sabotsy ny natao ny fifanintsanana ary tamin'ny alahady kosa no nanaovana ny dingana famaranana rehetra. Fantatra fa ny federasiôna tarihan'ny Jeneraly Lylison de René no niantoka ny lany rehetra nahatongavan'ireo delegasiônim-paritra nivahiny teto Antananarivo (Frais de déplacement, fampiantranoana (Ans), sakafo). Natao "bôjo" na maimaimpoana kosa ny fidirana tetsy amin'ny « Palais des sports » nandritra an'ireo roa andro ireo mba hanomezana fahafaham-po ny mpankafy an'ity taranja ity, hoy ny mpikarakara. Aorianan'ity « championnat » ity no handaminanana ny disadisa miseho lany eo anivon'ny fitantanana an'ity federasiôn'ny kick boxing Malagasy ity amin'ny ankapobeny.



*Kick Boxing Malagasy.*

**Rainilita**

### Coupe de la Confédération CAF 2022 - 2nd Tour

# Mbola lavon'ny Marumo Gallants Fc indray ny Elgeco Plus

Mbola lavon'ny Marumo Gallants Fc 1 – 0 indray ny Elgeco Plus tamin'ny sabotsy 15 ôktôbra 2022 tolakandro teo tany amin'ny kianja « Polokwane-New Peter Mokaba Stadium » any Afrika Atsimo teo amin'ny lalao miverin'ny fifanintsanana dingana faharoa amin'ny fifaninanana baolina kitra « Coupe de la Confédération CAF 2022 ». Raraka tanteraka, araka izany, ny ekipa solontena Malagasy teo amin'ity fifaninanana ity fa tsy nahavita hagagana araka ny firarian'ny mpitia baolina Malagasy maro. Vita teo indray izany aloha ny dian'ny ekipa Malagasy tamin'ny fifaninanana afrikana fa ireo lalao handraisan'ny ekipam-pirenena Barea isan'isany anjara sisa handrandrain'ny Malagasy fahombiazana eo amin'ny sehatry Afrikana (Can Beach Soccer, fifanintsanana Mondial 2022 ary ny fifaninanana Chan 2022/2023).



*Marumo Gallants Fc sy ny Elgeco Plus nandritra ny lalao tany Afrika Atsimo.*

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Rona trondro maina sy angivy sy anamalao indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafody natoraly ny aretin-tenda

Fanafody natoraly ny aretin-tenda indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.




IREO ZAVATRA ILAINA :
Hoditr'akondro, tantely.
FOMBA FIKARAKARANA:
Dorana ilay hoditr'akondro ( mety na afo charbon na gaz ihany koa, na fatana petrol... ny tanjona dia mandoro ilay izy).
Kikisana ilay may miloko mainty amin'ilay hoditr'akondro dia mahazo vovony.
Afangaro amin'ilay tantely ilay vovoka hoditr'akondro mainty (atao mifandanja ny habetsan'ny tantely sy ilay vovony).
FOMBA FIHINANANA AZY:
Maraina avy misakafo.
Atoandro avy misakafo.
Alina avy misalafo.
Tsy tsakoina ilay izy fa tonga dia hatelina avy hatrany.
Aza adino ny miborosy nify rehefa avy mihinana azy.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Niarovana Marosampanana distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'i Niarovana Marosampanana distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Niarovana Marosampanana ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 9 mandrafitra ny distrikan'Anosibe An'Ala. Vokatra any ny vary, ny kafe, ny tsaramaso. Misy mpiompy omby sy kisoa koa ny mponina any. Saika tantsaha mpamboly sy mpiompy avokoa ny 97% ny mponina any Niarovana Marosampanana. Misy fitrandrahana harena ankibon'ny tany any an-toerana. Ratsy ny lalana mampitohy azy amin'ny renivohitry ny distrika, 11 ora amin'ny maintany, fa 16 ora kosa amin'ny fotoam-pahavaratra.



TRANGA

# Tovolahy adala matanjaka midaroka olona sy mandorondoro

Tovolahy iray adala matanjaka midaroka olona sy mandorondoro zavatra, no nosamborin'ny mpitandro filaminana omaly, tany Toamasina, renivohitry ny faritra Atsinanana. Nosamborin'ny polisin'ny FIP Toamasina, ilay adala nampihorohoroho ny vahoaka, izay nirenireny tao Toamasina, satria mahery fihetsika, sady mamono izy no mandorondoro zavatra eran'ny tanàna. Antsoin'ny olona hoe : B13 izy, fa Andrianiaina Kantonirina no tena anarany.Te hiady foana ity lehilahy ity ary manenjika izay olona hitany eny andalana. Miditra tampoka any an-tokontany ary maka izay zavatra hitany ao, nanodidina ny fokontany Tanambao, Anjoma, Bazary Be sy Bazary kely no tena nahitana azy. Natahotra vokatr'izany ny olona, ka nitaraina. Rehefa nahita ny fitarainan'ny vahoaka tamin'ny tambazotran-tserasera ny Commissaire Jules, Lehiben'ny FIP Toamasina dia nandray andraikitra, ka nosamborin'izy ireo io lehilahy io omaly, tokony ho tamin'ny 9 ora maraina teo , teny akaikin'ny Be Kapa Tanambao. Naterina ao amin'ny "Hopital psychiatre" Analakininina izy, mba hotazonina sy hotsaboina ao.

***Niaina***



*Ilay adala nirenireny tao Toamasina.*

Sekoly Fjkm Imerinkasinina

# Atao ho filamatra hoy ny filoha Ravalomanana

Nisongadina nandritra ny fetin'ny taranaka notanterahina teny amin'ny Fjkm Imerinkasinina Fanasina, synodamparitany Antananarivo atsinanana ny alahady lasa teo, fa atao filamatra tsy ho latsa-danja amin'ny sekoly hafa ny sekoly Fjkm Imerinkasinina hoy ny filoha Marc Ravalomanana sady taranaky ny fiangonana rahateo. Raha tsiahivina mantsy, dia latsa-danja ny fari-pahaizan'ny mpianatra tao anatin'ny roa taona lasa izay. Ankoatr'izay, dia miha-simba ihany koa ny sekoly, ka mila fanamboarana toy ny varavarankely sy ny varavarambe, ny rindrina, ny dabilio sy tafao ihany koa. Hitondra ny anjara birikiny amin'izao fanavaozana izao ny filoha Ravalomanana ary nilaza, fa tsy maintsy vita ny fanavaozana ao anatin'ny fanamarihana ny faha-50 taonan'ity sekoly Fjkm ity amin'ny taona 2023 ho avy izao . Ny 6 novambra no fanokafana izany jobily faha-50 taonan'ny sekoly Fjkm izany, raha ny nambaran'ny filohan'ny komity sady efa mpampianatra tao amin'ity sekoly ity, Rajaonarison Blandine ary ny alahady voalohany amin'ny volana novambra amin'ny taona 2023 vao faranana ny taom-pankalazana. Nifarimbona tamin'ny rakitry ny taranaka ireo mpino kristianina teo an-toerana ny alahady lasa teo.

***Rajo***

Fahasalamana

# Nanao hetsika sosialy maimaimpoana ny ISSPM Toamasina



*Ny tanànan'i Tanambao V, Toamasina, ahitana ny ISSPM.*

ISSPM : Sekoly Fanomanana ara-pahasalamana ho mpampivelona sy mpitsabo manampy eto Tanambao V Toamasina. Nanao hetsika sosialy maimaimpoana ny alahady lasa teo. Fizahana maimaimpoana ny diabeta niarahana tamin'ny Amadia: Andia Malagasy Miady amin'ny Diabeta, sy ny resaka fahasalaman'ny maso no natao tamin'izany, niarahana koa tamin'ny Institut de Vision de Madagascar, izay sady nivarotra solomaso tamin' ny vidiny mora ho fanomezan-tanana ny mponin'i Toamasina. Nanamafy ny fiaraha- miasa amin'io sekoly io, izay nahatratra ny zato isanjato ny fanaovambakisiny fanefitry ny Covid 19 ny OMS, ka nahatonga ny consultant national nitsidika ny ISSPM, manana ny taleny ny dokotera Andriamahefasoa.

***Fanja Aina Toamasina***

Zanaka ampielezan'ny Fjkm Vilihazo Fanantenana

# Hankalaza ny faha-70 taonany amin'ity taona ity

Nandritry ny fetin'ny taranaka farany teo, tao amin'ny Fjkm Vilihazo Fanantenana, synodamparitany Antananarivo atsinanana dia nisongadina fa mitohy ny asan'ny fiangonana ankoatry ny adidy atiny sy ivelany. Anisan'ny ezaka efa vitan'ny fiangonana ny tamboho manodidina, ny vavahady, ny fanatsarana samihafa toy ny fambolena voninkazo, sns…, ka tratra ny tanjona tamin'ny ankapobeny satria nifarimbona tamin'ny rakitry ny taranaka narahana vavaka ho azy ireo izay nataon'ny mpitandrina teo an-toerana. Nifanentana indray ny mpino kristiana amin'ny fankalazana ny faha-70 taonan'ny zanaka ampielezan'ny Fjkm Vilihazo Fanantenana ka fanompoam-pivavahana no fanokafana izany ny 6 Novambra 2022 ho avy izao. Ezaka fampitaovana ny trano vadimpiangonana sy fanamafisampeo no tanjona amin'izany izay mitentina 12 tapitrisa ariary eo ho eo.

Marihina fa isaky ny alahady faha-efatra amin'ny volana izy ireo dia miombom-bavaka eny amin'ny Fofikri Ilafy izay hanentanan'izy ireo hatrany ireo zanaka ampielezana mielimpatrana manerana ny nosy ho tonga amin'izany fankalazana izany hoy ny filohan'ny zanaka ampielezana, Rakotojaofeno Petera.

***Rajo***

UTOP sy ARRM

# Hiara-hiasa eo amin'ny sehatry ny hazakazaka

Hiara-hiasa teo amin'ny sehatry ny hazakazaka "Trail running" sy "courses en nature et randonnées " ny fikambanana UTOP « Ultra Trail de Ô Plateaux » sy ny fikambanana ARRM « Association Amis Raid Rando Mayotte ». Ny andron'ny zoma 14 zoma 14 ôktôbra 2022 lasa teo teny amin'ny Hotel Sakamanga Ampasamadinika no nanatanteraka fanaovan-tsonia fifanaraham-piarahamiasa eo amin'ny fifanakalozana atleta hisehatra an'ireo taranja voalaza teo ireo ny roa tonta ary koa hanatanteraka "Challenge des iles de l'Océan Indien sy fifampizarana eo amin'ny samy atleta. Marihana fa samy miasa ao anatin'ny antsoina hoe "bennevolat" ireto fikambanana anankiroa ireto amin'ny ankapobeny. Nisolo tena ny fikambanana UTOP niforona tamin'ny taona 2008 Atoa Rivo Andriamanalina ary ny ARRM izay niforona tamin'ny taona 2011 kosa dia Atoa Stéphane Huetv tamin'izany fifanaovantsonia izany. Amin'ny volana mey 2023 eto Madagasikara sy amin'ny volana jolay 2023 any Mayotte izany no hanomboka io fiaraha-miasan'ny roa tonta io satria amin'ireo volana ireo no hanatanteraka ny fifaninanana ataony tsirairay avy izy ireo.

***Rainilita***



*Fifanaovan-tsonia teny amin'ny Sakamanga.*

Ligue des champions – Division 2

# Miditra amin'ny andro fahatelo rahampitso

Miditra amin'ny andro fahatelo sahady rahampitso alarobia 19 ôktôbra 2022 ny fifaninanana baolina kitra « Ligue des champions Malagasy 2022 – Division 2 » izay tontosaina any Toamasina sy Fianarantsoa Tamin'ny zoma 14 ôktôbra 2022 lasa teo no nanomboka tany amin'ireo toerana ireo izany dingana faha-2 izany ka nahazoana vokatra : Tany amin'ny kianja Barikadimy Toamasina : Tsaramandroso Form° 6 – 1 ny Fc Ridwane, Fc Zoara 0 – 1 Disciples Fc, Asa 2 – 2 As St Pierre. Tany amin'ny kianja "Stade Moderne d'Ampasambazaha Fianarantsoa" : Fc Menaranra 2 – 1 Fc Real, Cf Tfc 0 – 2 Relais Sport, Fc Zanagasy 0 - 4 As Comato. Tamin'ny alahady 16 ôktôbra 2022 ny andro faharoa tamin'ity fifaninanana ity : J-2 Toamasina : FC Ridwane 3 – 5 AS ST Pierre, Tsaramandroso FORM° 3 – 0 FC Zoara, Disciples FC 0 – 1 ASA. J-2 Fianarantsoa : CFTFC 2 – 1 Menarandra, FC Real 0 – 0 Zanagasy FC, Relais Sport 3 – 0 AS Comato. Rahampitso alarobia 19 ôktôbra 2022 ny andro fahatelo. Any Fianarantsoa : 10:00-Fc Zanagasy # Relais Sport, 12:30-Fc Menarandra # As Coamto 15 :00-Cf Tfc # Fc Real. Any Toamasina : 10 :00-Tsaramandro Form° # Fc Disciples 12 :00-Fc Ridwane # Asa, 14:00-As St Pierre # Fc Zoara.

***Rainilita***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 15/10/2022 hatramin'ny 22/10/2022**

- **PROGRES** (Analakely) 020 22 207 06/034 78 200 15
- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 032 62 652 55/033 33 652 55
- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165) 034 10 937 11

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :** Rahelisoa A. 034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:** Isambilo: 033 24 783 65, Rajo: 033 80 022 53, Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :** Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:** Aris: 034 17 460 53, Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:** Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:** gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1358-10-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FIFANDRAISANA IRAISAM-PIRENENA

# Tsy voafehin'ny fitondrana Rajoelina ny diplaomasia Malagasy

Hita fa tena tsy voafehin'ny fitondrana Rajoelina ny diplaomasia Malagasy, eo amin'ny sehatry ny fifandraisana iraisam-pirenena. Ny herinandro lasa teo, nandatsa-bato ho amin'ny fanamelohana an'i Rosia, noho ny fananiham-bohitra ataony any Ukraine ny Malagasy tao anivon'ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana (ONU), tany New-York Etazonia. Nanatanteraka izany fandatsaham-bato izany ny ao amin'ny ministeran'ny raharahambahiny Malagasy, tamin'ny alalan'ny Masoivohontsika ao amin'ny ONU. Andro vitsivitsy tao aorian'izay fanamelohantsika ny Rosiana izay anefa, dia nisy fanambarana hafa nilaza, fa tsy nahazo alalana tamin'ny fitondrana foibe izany latsa-bato natao tany New-York izany ary ny Praiminista dia nanambara, fa mijanona ho tsy momba ny atsy na ny aroa ny firenentsika na nisy aza izany. Raha ireo vaovao ireo no alalinina, toa misy fitondram-panjakana 2 izany izao no mitondra an'i Madagasikara: voalohany: ny governemanta Rajoelina-Ntsay misy ny foibeny eto Madagasikara, izay tsy manameloka an'i Rosia amin'ny ady ataony amin'i Ukraine. Ny faha-2: ny governemanta Malagasy any ivelany, mba tsy ilazana hoe ao amin'ny ONU, izay manameloka tanteraka ny Rosiana amin'izao fanafihana ataony ny Ukrainiana izao.

Zavatra hafa ilazana koa fa tsy voafehin'ny fitondrana Rajoelina ny diplaomasia sy ny fifandraisana amin'ny any ivelany, herintaona latsaka tsy hahataperan'ny fotoam-piasan'izy ireo, firenena 14 nisy Ambasadaorontsika teo aloha, no mbola tsy voatendry hatramin'izao ireo Masoivoho any.

***Aly***

Fitsarana

# Sarotiny amin'ny fiarovana ny hasiny ny mpiraki-draharaha

Tsy tompon'antoka manoloana ny fikasan'ny Fitsarana sasany eto Madagasikara hanatanteraka « Deferement » tsy misy fanatrehana sy tsy misy sonian'ny Mpiraki-draharaha, ny Sendika amin' izao fitokonana izay ataon'izy ireo izao, satria tsy voasoritra ao anatin'ny « Service minimum » ny fanaovana « Deferement ». Io no nisongadina nandritra ny fihaonamben'ny Mpiraki-draharaha izay natao tetsy amin'ny Lapan'ny Fitsarana Anosy omaly maraina ary manizingizina ny mpikambana, fa tsy mankasitraka ny fampidirana mpiasampanjakana ao amin'ny « Corps » Mpiraki-draharaha, kanefa olona tsy mbola nisedra fitsapampahaizana sy fiofanana teo anivon'ny sekoly « ENMG » akory ilay mpiasa vaovao. Nilaza Andriamatoa Randriamaro Alain Michel Ludovic, filoha nasionaly ny sendikan'ny Mpiraki-draharaha, fa tsy vonona ny hitady vahaolana manoloana ny fitakian'ny sendika ny Minisitry ny Fitsarana ankehitriny, satria manilika andraikitra any amin'ny Ministeran'ny asa sy ny Andrim-panjakana mpanao lalàna ity farany ary ny mampalahelo dia mbola mandrahona hanome « Réquisition » sy hanapaka karama ho an'ny mpitolona ny Minisitra mpiahy, manoloana ny hetsika ataon'ny Mpiraki-draharaha. Nanamafy ny mpitarika ny sendikan'ny Mpiraki-draharaha, fa tsy misy ambadika politika ny fitakian'izy ireo hatreto ary teren'ny tompon'andraikitra hiverina hiasa kanefa tsy mivaly akory ny hetahetan'ny sendika. Nilaza Andriamatoa Randriamaro Alain Michel, fa mbola mitohy ny hetsiky ny sendikan'ny Mpiraki-draharaha, ho fiarovana ny hasin'ny Mpiraki-draharaha ary mampahery ny mpiara-mitolona manerana ny Nosy ny mpitarika manoloana ny fitakiana ataon'izy ireo, ho fanatsarana ny tontolon'ny Mpiraki-draharaha eto Madagasikara.

***Franck Razakambelo***




***Ny fivoriambe nataon'ny mpiraki-draharahan'ny fitsarana omaly.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 409**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0408)

***Mitsivalana***
- Katolika
- Ra – Foh(y)
- Naoty – Ao
- Tanala
- Omby
- Noro
- Afomanga

***Mitsangana***
- Kintana
- AA – Fo (miv)
- Trondro
- Atao (miv) – OM
- Lio
- If – Amen
- Koa
- Ahodina

## TENY MIFANAPAKA N° 409




**Mitsivalana**

**1.** Fitaterana mahazatra **2.** Enti-milaza – Ambony – Faran-teny (miv) **3.** Natsaraina **4.** Tsofoka – Marina (miv) – Faly (miv) **5.** Kere, noana **6.** Latsa-dranomaso (miv) **7.** Nandray – Aro orana **8.** Sakoroka – Lera – Tsirin-teny Mpifanao **9.** Nisambotra vola **10.** Tao – Haingana (miv)

**Mitsangana**

**A.** Volana boribory **B.** Arivonimamo – Aretina (miv) **D.** Karazana fitafiana **E.** Anarana malagasy **F.** Tafavoaka soamantsara – Mahantra **G.** Kosa – Fifadian-kanina (miv) **H.** Sakafo – Zavatsarotra **I.** Seranana malaza – Ao amin'ny vala **J.** Milaza fananana (miv) **K.** Mifandamina, mifanaiky (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0408

**Mitsivalana**

**1.** Nampakatra **2.** Sainy (miv) -Maro (miv) **3.** Fary – Anay **4.** .Masera (miv) – Na **5.** Nono – Niasa (miv) **6.** Sida (miv) **7.** Saribakoly **8.** Firenena (miv) **9.** Lena (miv) – Nify **10.** Voina – Dona (miv)

**Mitsangana**

**A** Nifanisa **B.** Orana (miv) – Anao **D.** Mirenireny **E.** Paiso – Neny (miv) **F.** As – Abela **G.** Radama (miv) **H.** Noa (miv) – Sikina **I.** Tra – Nifosa (miv) **J.** Rainy – Fo **K.** Ma (miv) – Didiana (miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Navalona

**Fotoam-pivavahana ho fankalazana an'Andriamanitra, noho ny faha20 taona naha mpitandrina an-dRakotonindrainy Jaona, Mpitandrina mivady, Sekretera Jeneralin'ny FJKM, izay natao tao amin'ny FJKM Tranovato Faravohitra. Nanatrika izany ny filoha Marc Ravalomanana mivady.**









**Trano may teny Anosizato ao amin'ny Boriboritany faha-4 Antananarivo omaly.**





**Mitohy ny famonoana afo, noho ny doro tanety sy ala, any amin'ny valan-javaboahary, any Ambohitantely distrikan'Ankazobe faritra Analamanga.**



